Raharaham-pirenena 3
**Fantaro ireo fifidianana niteraka krizy teto**

Ireo tsy mety ataon'ny fitondrana Rajoelina 2
**Nampita ny ahiahiny amin'ny OIF ny antoko TIM**


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 21 mars 2023 — Laharana 1415 — Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


__Asan-jiolahy__ 6
**Miverina indray ny fanafihana mitam-piadiana amin'ny RN7**

**Antoko TIM teny Itaosy-Unis** 2
# Olona 2 safotra noho ny lakrimôzenan'ny herim-pamoretana




**Antoko TIM Manjakandriana** 3
# Miantso ny filoha Ravalomanana hirotsaka fidiana filoha indray



**Fiarahabana ny ben'ny tanànan'Ivato** 2
# Feno hipoka ny espace nanatanterahana ny fotoana




**Antoko AREMA 47 taona** 3
# Tsy mendrika ny firenena sy ny vahaoaka ny zava-misy ankehitriny



**Faritra Vakinankaratra** 7
**Asa temaka ny fanamboaran-dalana any Antsirabe**

**Vazo evanjelika** 6
**Hiverina an-tsehatra ny Tarika Les Adeline**

**Daka kely**



Ny kôzin'ialahy an-kavoriana dia mbola manamafy fa «sans qualité» ialahy ry Boaikely a !

ANTOKO TIM TENY ITAOSY-UNIS

# Olona 2 safotra noho ny lakrimôzenan'ny herim-pamoretana

Na nisy ny fanakanana nataon'ny herim-pamoretan'ny fitondrana, nibahana ny hetsika nataon'ny antoko TIM tao Avarabohitra Itaosy-Unis Antananarivo Atsimondrano ny sabotsy teo, tontosa ihany izany hetsika izany, izay natrehan'ny filoha Marc Ravalomanana, ny avy amin'ny birao poltikan'ny antoko nahitana ny sekretera jeneraly Rina randriamasinoro sy ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina, ireo depiote TIM notarihan'ny filohan'ny vondrona parlemantera Fetra Ralambozafimbololona, ireo ben'ny tanàna eny Itaosy-Unis. Toerana an'olon-tsotra no nosakanan'ireo mpitandro filaminana tamin'izany, tsy nanaiky ny vahoaka nanatrika teo ka niditra ihany, nandritra izany no nirefotra ny entona mandatsa-dranomaso n any baomba lakrimôzena, vokany: olona roa no safotra vokatr'izany fipoahana izany, ny iray lehilahy, ny iray faharoa vehivavy. Noho izao ramatahora nataon'ny fitondrana Rajoelina izao indray, nanambara ny filoha Marc Ravalomanana fa:" hisy ny paikady izay omena anareo mpikatroka atsy ho atsy, miainga avy any amin'ny kaominina…

Aleo aho hilaza ny zavamisy any ivelany. Ataoko tsara tantara. Rahampitso aho dia efa hihaona amin'ny OIF, hihaona amin'ny Nations-Unies." Fitondrana mitanila sy miangatra no misy eto hoy ihany izy, tsy avela hanao fanentanana momba ny fifidianana ny TIM, nefa ny mpiara-dia amin'ny fitondrana tsy misy sakana mihitsy na kely aza rehefa mamory olona na anaty trano,



*Ny filoha Marc Ravalomanana teny Itaosy-Unis, ny sabotsy teo.*

indrindra fa an-dalambe. Ankoatra izany, mbola nanamafy ny fanentanana ny rehetra hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana ny filoha nasionalin'ny antoko TIM ho an'izay mbola tsy nahavita an'izany eny anivon'ny fokontany. Fantatra nandritra izany koa, fa eny Ambohimanarina indray ny fotoana manaraka amin'ny faran'ny herinandro izao, ary mbola anaty toerana mifefy sy an'olon-tsotra ihany, ka tokony tsy ho sakanana mpitandro filaminana hoy ireo nandaha-teny.

***Isambilo***

Ireo tsy mety ataon'ny fitondrana Rajoelina

# Nampita ny ahiahiny amin'ny OIF ny antoko TIM

Nandefa taratasy ho an'ny Organisation Internationale de la Francophonie (OIF) ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ny sabotsy 18 martsa 2023 lasa teo, taorian'ny hetsika famoretana nataon' ireo mpitandro filaminana teny Itaosy Antananarivo Atsimondrano, nanakanana ny hetsika nokarakarain'ireo mpikatroka ComTIM. Baikon'ny fitondrana jadona Andry Rajoelina no azon'izy ireo, taratry ny fahatahorana ny ezaka miha-mahazo laka ataon'ny TIM, ny amin'ny fametrahana fifidianana madio sy mangarahara eken'ny rehetra hoy ny fanambarana nosoniavin'ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro:



*Ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro.*

"Lafin-javatra maro no mbola mampanahy ny antoko TIM amin'izao ankatoky ny fifidianana 2023 izao:

– enina herinandro taorian'ny datim-pifidianana navoakan'ny CENI dia mbola tsy misy hatreto ny fanapahankevitra avy amin'ny governemanta, ny amin'ny fiantsoana ny olompirenena hifidy; izany hoe mbola baraingo ny datin'ny 9 novambra navoakan'ny CENI, izay nankatoavin'ny HCC hanatanterahina ny fifidianana ho filoham-pirenena;

– mbola tsy misy resaka koa ny datim-pidianana ben'ny tanàna, izay tokony ho atao amin'ity taona ity;

– tsy ampy ny tetibolan'ny CENI hanatanterahina ny fifidianana mitentina 45 miliara ariary, araka ny voasoratra ao anaty ny tetibolam-panjakana; mbola baraingo ny fanampiana ara-bola avy amin'ireo mpiara-miombonantoka, na ny "basket fund".

– tsy mendrika ary tsy tomombona avokoa ny fomba fiasan'ireo rafitra mikarakara fifidianana eto Madagasikara.

– voasakantsakana sy iharan'ny ramatahora amin'ny alalan'ny mpitandro filaminana hatrany, ny hetsika ara-politika rehetra izay ataon'ny antoko politika avy amin'ny fanoherana.

– ny avy amin'ny mpitondra fanjakana anefa ankilan'izay dia efa manao fampielezankevitra mialohan'ny fotoana, tsy misy teritery ary amin'ny alalan'ny fitaovam-panjakana no anatanterahiny izany

– tsy mbola mampiseho ny fahavononany hiatrika ny fikaonandoham-pirenena, izay efa takian'ny hery velona misy eto amin'ny firenena ny fitondram-panjakana;

Nankasitraka ny OIF kosa amin'ny fahavononany hanaramaso ny "logiciel" ampiasain'ny CENI, amin' ny fanavaozana manontolo ny lisitry ny mpifidy ny antoko TIM.

Manentana ny OIF hatrany hanaramaso ny pitsompitsony rehetra manodidina ny fifidianana ny antoko TIM.

***Ny Valosoa***

Fiarahabana ny ben'ny tanànan'Ivato

# Feno hipoka ny espace nanatanterahana ny fotoana

Feno hipoka ny Espace Le Millenium Fitarihana Ivato ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo, nandritra ny fiarahabana tratry ny taona ny ben'ny tanànan'Ivato Penjy Randrianarisoa ny alahady teo, tsy antonona ny tao an-trano, maro ihany koa ireo teny an-tokontany. Nantanteraka izany fiarahabana izany ny solontenan'ny antoko politika misy ao amin'ity tanàna ity, ny fikambanana samihafa, ny namana sy tapaka, olon-tsotra,… Nitondra izay fiarahabana ny ben'ny tanàna izay ny avy amin'ny antoko HVM,



*Santionan'ireo sokajin'olona niarahaba ny ben'ny tanànan'Ivato ny alahady teo.*

ny avy amin'ny IRD, ny TIM, ny AKFM, ny AVI, ny fikambanana Hafari, ny fikambanana Grand Sud-Est, ny FIBE: fikambanan' ny Betsileo ao Ivato, ny Destiny Ivato, sy ny maro hafa… Izany hoe: avy amin' ny ankolafin-kery samihafa izy ireo kanefa mahatsiaro ho tompon'andraikitra amin'ny fampandrosoana ny tanàna, ka dia izao tonga nirary so any ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa izao, noho ny Asaramanitry ny taona vaovao. Nankasitraka ny rehetra ny ben'ny tanàna tamin'io fotoana io ary nosoritany fa miainga ao Ivato ny fampihavanana, mbola tsy nisy hatramin'izay ny fampihaonana sokajin'olona sy antoko politika ary fikambanana maro samihafa toy izao hatramin'izay.

***Niaina***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Fiainam-pirenena

# Tsy misy mandeha amin'izay laoniny…

Dia ireny niara-nahita sy nandre ireny ny rediredin'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina, izay nampihomehy sy nahatsikaiky ny maro. Eny, hatramin'ny tanora aza nisy latsa-kehy mihitsy isaky ny mahatsiaro ny nambarany tamin'iny herinandro lasa iny. Ny anti-panahy dia nitampim-bava, fa noho ny fampifangaroany ny teny ambara imasom-bahoaka sy ny lafiny ara-panahy. Mazava loatra, fa manan-kambara be dia be amin'ireny, ny olom-pirenena tena ao anaty finoana kristiana marina. Toy izany koa ireo mpamakafaka mpanaraka ny raharaham-pirenena, izay manana ny fiheverany sy ny fandrefesany ny toe-tsainy.

Nisarika ny saina hatrany ihany koa ny fomba fisainan'izao fitondrana izao manoloana ny vahoaka malagasy malagasy, izay misy atao zanak'Ikalahafa sy fiangarana. Fitondrana mpanavakavaka tsotra izao ity fitondrana Rajoelina ity, satria misy avelany malalaka manao hetsika, ary misy sakanany sy ilany vaniny amin'ity resaka taratasy fahazoan-dalana ity hatrany. Fahazoan-dalana izay tsy tokony hisy velively anefa ary tsy tokony hoangatahina akory. Nitranga sy nanjo ny antoko Tim indray izany tamin'ny sabotsy 18 Martsa lasa teo teny Itaosy. Midika ny zava-misy fa mirefarefa be mihitsy ankehitriny ny fomba itantanana ny vahoaka sy indrindra ny firenena, fa tsy amin'ny tokony ho izy manana ny lentany sy ny hasiny. Fitondrana mampietry voninahi-pirenena.

Tsy atao hahagaga velively, raha nilaza ny mpitarika antoko politika avy amin'ny mpanohitra, fa tsy misy raharaha mandeha amin'ny laoniny intsony eto amin'ity firenena ity amin'izao fotoana izao. Ary tsy amin'ny sehatra politika ihany, fa saika amin'ny sehatra rehetra. Tamin'izao fitondrana izao no nisiana fitakiana vola sy kahie eny anivon'ny Cisco, ho an'ireo mpianatra hanàla fanadinam-panjakana toy ny Bepc. Tsy mbola fahita taloha na tsy mbola nahenoina, fa ny mpiadina no miantoka kahie hanaovana vakiraoka ary alefa mialoha any. Mbola nitakiana vola ihany koa izy ireo, ny re 3000 Ariary hiatrehany ny "examen blanc". Mifanohitra be ihany amin'ny filazana ny tsy fampandoavana vola amin'ny seha-pampianarana nodradradradraina tany aloha anefa izany. Eny amin'ny Tobim-pahasalamana fototra na CSB aza hatramin'ny zavatra madinika andoavan'ny marary vola, ary niharan'izany hatramin'ireo mpianatra ihany koa. Inona intsony araka izany no zava-mandeha eto? Vao mainka niha- nihitsoka lalina noho teo aloha ny firenena, ary tsy tafaverin'izao fitondrana izao velively ny tahan'ny fitomboan-karena sy fivoaran'ny firenena efa nihanisongadina, saingy nofinganin'ny mpanongam-panjaka tany amin'ny taona 2009. Tsy tokony ho vitavita ho azy izany, fa tena famotehana firenena tsotra izao ny nataon-dry Rajoelina mpanimba firenena.

***Sôh'son***

Ambanja faritra Diana

# Tafapetraka avokoa ny filohan'ny COMTIM miisa 24



Manetsika ny rafitra eny ifotony koa amin'izao fotoana ny antoko TIM aty amin'ny distrikan'Ambanja faritra Diana. Nivory ireo mpikatroka TIM ato amin'ny distrikan'Ambanja faritra DIANA ny alahady 19 martsa teo. Nihaona izy ireo, noho ny tanjona dia ny hamerina ny filoha Marc Ravalomanana ho filohampirenena indray, amin'ny fifidianana ho avy amin'ity taona ity. Ankoatra izany, efa tafapetraka avokoa ireo filohan'ny COMTIM eo anivon'ny kaominina miisa 24 mandrafitra ny distrikan' Ambanja , ary voasolontena tao avokoa ireo filoha tsirairay ao anatin'izany. Vonona izy ireo hanentana ny olom-pirenena, mba hisoratra anarana anaty lisi-pifidianana ary hampandany ny filoha Ravalomanana indray hitondra ny firenena.

***Charly Odilon***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Raharaham-pirenena

# Fantaro ireo fifidianana niteraka krizy teto Madagasikara

Raha itodihana ny fifidianana rehetra taorian'ny namerenana ny fahaleovantenan'i Madagasikara dia nisy ireo niteraka krizy, taorian'ny fandatsaham-bato (crise poste électorale). Vitsy ireo firenena tsy nahitana ity krizy aorian'ny fifidianana ity maneran-tany, satria nisy izany tany Etazonia izay azo lazaina fa anjakan'ny demokrasia. Iray ihany ny fifidianana tena niteraka krizy taorian'ny namoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) ny vokatra dia ny tamin'ny taona 2002. Iarahamahatsiaro fa nafindran'ny Amiraly Ratsiraka tany Mantasoa ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ary tany ity andrim-panjakana ity no namoaka ny didy nanambara, fa ny Amiraly Ratsiraka Didier no lany. Tsy nanaiky izany ny mpomba an-dRavalomanana Marc, ka nitokona teo amin'ny Kianjan'ny 13 Mey efa ho enim-bolana, ka nisy ny fihaonan'izy mirahalahy tany Dakar, Senegal. Efa nisy ihany koa ny fianianana nataon-dRavalomanana Marc, satria fihodinana voalohany izy dia lany araka ny vokatra avy tamin'ireo fitanana an-tsoratra (PV) teo am-pelatanany. Niaraha-niaina ny fanambarana ny Faritany mizaka tena, ka nisian'ny fairano ny faritanin' Antananarivo, nametrahan'ny mpomba an-dRatsiraka Didier barazy tany amin'ny tetezan' i Kamoro sy Brickaville ary nanapahana ny tetezan'i Fatihita. Mbola napoaka ihany koa ny tetezana tetsy Ambalavao. Araka ny filazan'ny mpomba ny Revolisiona Demokratika dia tokony ho nisy ny fihodinana faharoa, hono, raha ny fanapahankevitra tany Dakar kanefa tsy nisy izany, ka dia nanao fianianana fanindroany tamin'ny fomba ofisialy ny filoha Ravalomanana Marc. Nanao sesitany ny tenany tany Lafrantsa ny Amiraly Ratsiraka Didier. Na dia roa taona aza no voafaritry ny Tondro Zotra nataon'ny Sadc naharetan'ny Tetezamita dia nitarin-dRajoelina Andry ho dimy taona izany. Fifidianana ny taona 2014 no niakaran'ny filoha teo aloha Rajaonarimampianina Hery kandidà natolotr'i Rajoelina Andry, satria tsy nahazo nilatsaka noho ny "ni, ni" izy sy ny Filoha Ravalomanana Marc. Ny taona 2018 no nifarana ny fitondrana Rajaonarimampianina Hery, ka nisian'ny fifidianana faharoa tao anatin'ny Repoblika IV. Enina ambitelopolo no isan'ny kandidà tamin'izany fifidianana izany, ka anisan'izany Ravalomanana Marc sy Rajaonarimampianina Hery ary Rajoelina Andry. Tsy hadino fa nisy ny fihodinana faharoa, ka Ravalomanana Marc sy Rajoelina Andry, no nifaninana tamin'izany. Samy nanana ny vinany ny mpifaninana, ka naverin'ny Filoha Ravalomanana Marc ny MAP izay vinany efa nentiny nampandroso ny Nosy tamin'ny Repoblika III-3, nahatratra fito faingo roa isan-jato ny harin-karena faobe ny taona 2008. Ny IEM no naroson'ny filoha Rajoelina Andry. Nampiavaka ny fifidianana ny taona 2018 dia ny fahabetsahan'ny kandidà nirotsaka izay nahatratra enina ambiefapolo ary folo no nihintsana tamin'ny fihodinana voalohany. Maro no tsy fahatomombanana teo amin'ny fandrafetana ny lisitry ny mpifidy satria nisy olona iray trano kanefa tsy tao anaty lisitra daholo ary nisy diso koa ny anarana na dia voasoratra aza. Efa nananika ny roanjato ny fitarainana tao amin'ny HCC kanefa ny valitenin'ity Fitsarana ity dia "azo raisina fa tsy mitombona". Ambonin'izay dia nanadio tena ny filohan'ny HCC, fa nialana tamin'ny korontana nety niseho no namoahany "didy nanana endrika politika", izay nametraka an-dRajoelina Andry eo amin'ny toeran'ny filohan'ny Repoblika. Ny tena zava-doza dia ny namakian'ny filoha lefitry ny Ceni teo aloha, fa nisy roa hetsy sy iray tapitrisa ny "doublons", izay tsy mbola nisy toe-javatra toy izany hatramin'ny namerenan'ny mpanjanaka ny fahaleovantena. Iaraha-mahalala fa niova ny mpikambana ao amin'ity Vaomiera Mahaleotena misahana ny Fifidianana ity, saingy tsy misy matoky azy na ny antoko politika na ny fiarahamonim-pirenena, eny hatramin'ny vondrona iraisam-pirenena aza. Ny zava-doza dia navaozina ny lisitry ny mpifidy, izay tokony hahatratra ho telo ambinifolo tapitrisa, ary ny nanaovana kopia sy karapanondrom-pirenena faobe ihany koa. Ireo no antony anaovan'ny mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana fanentanana tsy an-kiato ny olompirenena manana zo hifidy hanamarina raha voasoratra ao anaty lisitra ny anarany ary hanamarika raha misy olona efa maty na nifindra fonenana kanefa mbola voasoratra. Tsy azo amaivanina ihany koa ny fandraisana andraikitry ny FFKM hanaramaso any ifotony mihitsy ny mety hisian'ny hosoka sy ny lesola rehetra, mba hialàna indrindra indrindra amin'ny krizy aorian'ny fifidianana. Anisan'ny mampiavaka ny fanomanana ity fifidianana 2023 ity ihany koa ny fitakiana ny hanovana ny mpikambana ao amin'ny Ceni sy ny HCC izay tsara marihina fa olon'ny fitondrana avokoa no mandrafitra azy ireo, ka hisy indray ny fikafika rehetra. Azo antoka fa tsy hanaiky lembenana intsony ny kandidà rehetra raha hamoaka didy tsy mifanaraka amin'ny fahamarinana ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia tsy ho azo idovirana ny korontana aorian'ny fifidianana, koa aleo mitady ny fomba rehetra hialàna amin'izany dieny mbola misy ny fotoana satria raha ny tranga rehetra dia mahavaivay ny fifanoherana na eo anivon'ny samy ao amin'ny fitondrana aza ary efa tsy mifampatoky ka mifanebaka am-pahibemaso, etsy an-kilany kosa dia mihamafy ny tsindry ataon'ny mpanohitra. Ny hery anefa tsy mahaleo ny fanahy" ary "ny hendry mody voky fa ny adala manesika ihany".

***Andry Tsiavalona***

Antoko AREMA 47 taona

# Tsy mendrika ny firenena sy ny vahaoaka ny zava-misy ankehitriny

Natao tsetsy amin'ny sehatra maitso Antsahamanitra ny alahady 19 Martsa teo, ny fankalazana ny faha-47 taonan'ny antoko Arema, na ny Antoko Revolisionera Malagasy. Tonga teny an-toerana avokoa ireo mpikatroka Arema tranainy sy ireo mpiara-miasa akaiky tamin'ny filoha Didier Ratsiraka. Na dia azo lazaina ho antoko tranainy aza ny Arema dia mbola tafiditra ao anatin'ny antoko 6 matanjaka indrindra amin'izao fotoana izao. Tsy nisy fitondrana nandalo teto, ka tsy niara-niasa tamin'ireo olona novolavoalain'ny Arema. Antoko nandalo vanim-potoana ihany koa satria nitondra ny firenena nandritra ny 23 taona, izay fitondrana naharitra ela indrindra teto hatramin'izao. Indroa voaongana ary indroa tafaverina ihany koa. Ny taona 2002, no nifaranan'ny fitondrana Arema ary niharan'ny sesitany ireo mpitarika, ka isan'izany ny filoha Didier Ratsiraka sy ny fianakaviany.
Nadritra ny fandraisam-pitenenana nataon'ny sekretera nasionalin'ny antoko, Ramatoa Anick Ratsiraka no nilazany, fa tsy mendrika ny firenena sy ny vahaoaka malagasy ny zava-misy ankehitriny. Anjaran'ny firenena no mamelona ny vahaoaka ao aminy hoy izy. Manana tany manankarena isika kanefa mahantra. Tany amin'ny fotoan'ny Boky Mena no efa nilazan'ny filoha izay nanoratra izany, ny tokony hananan'i Madagasikara fahaleovantena ara- tsakafo , sy ny tokony hananana ambim-bava azo aondrana any ivelany. Manana tany malalaka rahateo isika ahafahana manatanteraka izany.
Eo amin'ny lafiny politika indray, nanao antso avo amin'ny mpanao politika izy, ka niantso ny tsy tokony hanaovana sorona sy fitaovana ny vahaoaka intsony. Hikarakara ny vahaoaka sy ny tanindrazana, no andraikitra noraisin'ny mpanao politikaka, izay no tokony himasoan'ny rehetra dia handroso haingana ny firenena . Tsy tokony hanary toky isika hoy ramatoa Annick Ratsiraka, fa ho afaka ao anatin'ny fahantrana tsy ho ela i Madagasikara .
Nafana ny lanonana tetsy Antsahamanitra, izay nafanain'ireo mpanakanto zanaky ny Arema, isan'izany ry Rakotofrah Junior sy ry Jarifa, nandray anjara ihany koa ireo fikambanana ao anatin'ny antoko, isan'izany ny fikambanam-behivavy avy amin'ny boriboritany faha-5, teo ireo mpikatroka avy any Moramanga sy Manara, izay samy nanao fampisehaoana avokoa. Nofaranana tamin'ny fizarana mofo mamy ny lanonana.

***Niaina***



*Ny fankalazana ny faha-47 taonan'ny antoko Arema, tetsy Antsahamanitra.*

## TONONKALO

### Fidedahana sy laingа ?

Fidedahana ? aoka re fa lohany izy !
Miaiky izany hatramin`ny zaza sy ny ankizy.
Hita taratra amin`ny teny fanentanany,
Fa ny lainga dia talenta tena ananany !
Ny hanilika ny rihitra amin`ny hafa,
Izany hatrany no fanaony raha mitafa,
Ary ambarany amin`ireo vahoaka entina,
F`izy olona madio tsy misy pentina.
Saingy indrisy, tsy izany velively,
Fa ny toetrany dia tena tsy modely.
Toy izany koa ny ataony raha tarafina,
Mahonena sady maha-te hiafina !
Ny "joroana" maha-tena olo-mendrika,
Dia tsy ananany ara-toetra sy arak`endrika,
Fa ankosotra sy zavatra natentina,
Ka tsy miery fa miseho ny pentimpentina!
...Fidedahana sy lainga mipoapoaka ?
Izay hatrany raha vao mba miseho vahoaka ?
Miomàna , miomàna ry filoha
Fa tena ianao no "hipipy am-pataloha" !

***IRINA HO TAFITA (18-03-23)***

ANTOKO TIM MANJAKANDRIANA

# Miantso ny filoha Ravalomanana hirotsaka fidiana filoha indray

Tontosa soa amantsara tany Andriampamaky ny sabotsy teo, ny fifampirahabana nahatratra ny taona vaovao, sy fanentanana ny vahoaka feno taona hisoratra anarana ao anaty lisi-pifidianana, tao amin'ny distrikan'i Manjakandriana tapany avaratra, amin'ny faritra Analamanga. Tonga maro ireo mpikatroka avy amin' ny antoko, avy amin'ny kaominina 10 any amin'ity distrika ity. Niditra mivantana tamin' ny alalan'ny antso an-tariby nandritra izany ny filoha Marc Ravalomanana, izay nanantitra fa taonan'ny fahasahiana ity taona, taompifidianana, mbola nanentana ny rehetra izy noho izany hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana, ireo izay mbola tsy nahatontosa izany. Nitarika ny fotoana ny DISTIM Manjakandriana, notarihan'ny filohany Randriamanga William Henri, ireo Jeunes TIM avy eto Analamanga sy Manjakandriana Randriamanga Jean Bosco sy ny namany,... Niantso ny filoha Marc Ravalomanana nandritra izany, ny filohan'ny DISTIM Manjakandriana Randriamanga William Henri, ny hirotsahany hofidiana amin'ny fifidianana filohampirenena hatao eto amintsika amin'ity taona ity. Ny solontenan'ny TIM Analamanga, Randriamparany Jean Bosco dia nanipika, fa hanohy ny fanentanana ny mponina hisoratra anarana amin'ny lisitry ny mpifidy ny tanora, toy ny efa nataony tamin'ny herinandro teo, sy nandritra ny andro maromaro lasa izay. Ny masoandro nilentika no nampalahelo, nandritra izao fihaonana teo amin'ny antoko TIM Manjakandriana tapany avaratra izao.



*Ny filohan'ny DISTIM Manjakandriana (tafovoany), sy ireo solontenan'ny Tanora TIM Analamanga, tany Andriampamaky ny sabotsy teo.*

***Isambilo***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Navalona, Rakotobe Michel

**Antoko politika sy fikambanana maro, niarahaba ny ben'ny tanànan'Ivato distrikan'Ambohidratrimo, Penjy Randrianarisoa ny alahady teo tao amin'ny Espace Le Millenuium. Feno hatrany ivelany ny toerana.**





**Fifampiarahabana tratry ny taonan'ny antoko TIM any amin'ny distrikan'i Manjakandriana tapany avaratra ny sabotsy teo, tany Andriampamaky.**





**Ny fankalazana ny faha-47 taonan'ny antoko Arema tetsy Antsahamanitra ny alahady teo.**









## NY TENY FIAINANA

*Fa raha Kristy no mitoetra ao anatinareo, na dia maty ihany aza ny tena noho ny ota*, dia fiainana kosa ny fanahy noho ny fanamarinana.*

***Romana 8 : 10***

BAOLINA KITRA

# Lavo ny andrarezina : « Dezy Monstre »

Misaona ny tontolon'ny baolina kitra Malagasy, sy ny fanatanjahantena Malagasy amin'ny ankapobeny, fa lavo ny andrarezina Rakotonirina Desiré, na « Dezy Monstre », mpilalao baolina Malagasy nikoizana kintana tamin'ny fotoanandrony : taona 70 sy taona 80. Teo amin'ny faha-65 taonany tamin'ny sabotsy 18 martsa 2023 teo, no nindaosin'ny fahafatesana ny lehilahy, izay fantatra indrindra, fa irakiraka tao amin'ny klioban'ny Sotema sy nandrafitra ihany koa ny ekipam-pirenena Malagasy Club M.



Rakotonirina Désiré, na « Dezy Monstre » fony fahavelony.

Anio talata 21 martsa 2023 no hoentina any Fandriana ny nofo mangatsiakany, rehefa nandrasana tetsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy ny Fanatanjahatena Mahamasina omaly alatsinainy 20 martsa, araka ny fanapahan-kevitra niarahan'ny Ministeran'ny Tanora sy ny fanatanjahatena Malagasy, sy ny Federasiona Malagasin'ny Baolina Kitra ary ny fianakaviandRatompokolahy. Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia maneho etoana, ny fiaraha-miory tanteraka amin'ny ankohonany sy ny fianakaviany manontolo ary ny tontolon'ny baolina kitra Malagasy amin'ny ankapobeny.

***Rainilita***

Judo Algiers African Cup

# Nibata medaly volamena ny Judokas Malagasy Laura

Nibata ny medaly volamena, teo amin'ny taranja Judo sokajy "Junior" latsaky ny 70kg, nandritra ny fifaninanana "Algiers African Cup" sokajy Junior, izay natao tany Algérie tamin'ny faha-17 martsa 2023 teo, ilay Judokas Malagasy Rasoanaivo Razafy Laura, rehefa nandresy an'ilay Alzeriana Bechalall, teo amin'ny lalao famaranana. Marihana fa nahatratra 113 ireo Judokas nandray anjara tamin'izany fifaninanana izany, ka avy amin'ny firenena niisa 13 izy ireo. Tafiditra amin'ny fanomanantena hiatrehana ireo lalao iraisampirenena lehibe hifandimby ho avy, ity fifaninanana ity, ka anisan'izany ny Lalaon'ny Nosy 2023, izay tokony hatao eto Madagasikara.

***Rainilita***



Ny Judokas Rasoanaivo Razafy Laura.

Karate, FMK

# Hanatanteraka fifaninana miisa 4 lehibe

Tao anatin'ny fanomezam-baovao fohy "point de presse" ny mpanao gazety ara-panatanjahantena teny Tsimbazaza ny herinandro teo, no nanambaran-dry zareo eo anivon'ny Federasiôna Malagasin'ny karate (FMK) am-perinasa, tarihan'ny filohany Ratefinahary Emile, fa hanatanteraka fifaninanana miisa 4 lehibe ry zareo ato ho ato, ao anatin'ny firosoan'ity taranja ity amin' ny sehatry ny "Olympisme" dia ao ny: - "Challenge de Boeny 7è edition", hatao amin'ny 12-16 aprily 2023, - "Challenge du Sud" hatao any Toliara, - "Challenge du Betsileo", - "Coupe du Président". Tamin'io fotoana io ihany koa no nanamarihan'izy ireo, fa tsy misy afa-tsy iray ihany ny FMK "Federation Malagasy du Karaté" misy eto Madagasikara dia izay lany tamin'ny fifidianana natao tamin'ny 01 oktobra 2022 tany Fianarantsoa, nankatoavin'ny MJS tamin'ny faha-25 novambra 2022 ary efa fantatry ny Federasiôn'ny karaté Iraisam-pirenena. Misy mantsy etsy an-kilany olona tamin'ny fitantanana taloha mbola misandoka manome fampiofana ny mpikatroka, ka manolotra azy ireo grady amin'izany nefa tsy nahazo fankatoavana avy amin'ny FMK vaovao akory, hoy ny fanambarana. Nampahatsiahy ity FMK ity ny mba hamoahan-dRamatoa DGS ao amin'ny Mjs ny "Certificat de conformité » ho azy ireo, sy ny "Attestation de fonction" an'ny filohany. Sady niarahaba ny minisitra vaovao amin' ny andraikitra hiantsoroha tamin'ny farany ity FMK ity no nampitandrina azy ihany koa, tsy ho voafitaky ny mpanely tsaho sy mpanipy oditra akondro, ka hijery akaiky an'ity taranja karaté ity.

***Rainilita***



Fmk ankehitriny.

## Sakafo Ny Valosoa



Saosisy fumée sy anandrano indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany, na atao ridritra. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Jus mahatsara ny maso sy ny fahitana

Jus mahatsara ny maso sy ny fahitana indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Jjus-na karaoty sy celeri: mixer-na ny karaoty sy ny celeri, sotroina izany ilay vao maraina mbola tsy misakafo iny.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Antsirabe Sahatany, distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Antsirabe Sahatany, distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antsirabe Sahatany ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Maroantsetra. Any avaratra andrefan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Avo toerana izy satria 1064 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny lavanila, ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga.



MORONDAVA

# Taolam-paty iray gony saika hamidy tratra tao anaty valan'osy




*Ireo mpangalatra taolam-paty tratra.*

Nahazo loharanom-baovao tamin'ny olona tsara sitrapo, ny avy eo anivon'ny zandarimiaria ao amin'ny Tobim-paritra Morondava faritra Menabe, fa misy olona efatra avy namaky fasana ary nangalatra sy mitazona taolam-paty ao an-tranony ao amin'ny fokontany Betania, kaominina ambonivohitra Morondava, ka nanao ny fidinana teny ifotony avy hatrany ary nanao ny fisavana rehefa avy nampahafantatra ny fitsarana ny alarobia 15 Martsa tamin'ny 5 Ora hariva, ka tamin'izany no nahitana ny taolapaty miisa 66 nafenina tao amin'ny valan'osy an'ny lehilahy iray. Nosamborina avy hatrany io lehilahy io, ka nanambara ny namany telolahy tompon'antoka tamin'ity tranga ity; gony no nasian'izy ireo ny taolapaty ary nafenina aloha miandry ny olona mety hividy sy haka azy izao tra-tehaka izao.

Mbola eo ampanaovana ny fanadihadiana ny Tobim-paritra ny zandary Morondava, hahafantarana ny olona mampaniraka sy mividy ireo taolana ireo ary ny fasana nangalana ireto taolana ireto.

Notazonina ao amin'ny birao zandarimaria ireo taolana ireo, eo ampiandrasana ny toromarika avy amin'ny Fitsarana.

Isan'ny faritra maro fasana ny fokontanin'ny Betania, satria ny ankamaroan'ny eto Morondava dia saika eny avokoa no mandevina, ka azo antoka fa fasana teny ihany no novakian'ireto tsy matahotody ireto. Noho izany manentana ny mponin'i Morondava ny zandary, mba samy hijery ny fasany eny Betania. Vokatry ny Tagnamaron'ny Fandriampahalemana no nahatratrarana ireto mpamaky fasana ireto, koa entanina hatrany ny olona, mba hanome vaovao vao misy tranga hafahafa, mba hamongorana ny mpanao ratsy, sy hametrahana ny fandriampahalemana tanteraka ato Menabe, hoy ny Komandin'ny Vondron-tobim-paritry ny zandarimaria Morondava, Capitaine Razafimamonjy Jean Richard.

**Rajepa**

Asan-jiolahy

# Miverina indray ny fanafihana mitam-piadiana amin'ny RN7



*Fiara voasakana tamin'ny RN7.*

Miverina indray ny fanafihan-jiolahy mitapiadiana amin'ny lalam-pirenena faha-7, n any RN7. Fiara maromaro no lasibatry ny fanafihana mitam-piadiana, lasa ny vola 3 tapitrisa ariary sy finday maro omaly vao mangirandratsy.

Raikitra indray ny fandrobana fiara amin'ny lalampirenena faha 7 iny. Fiara lehibe roa sy Taxi-brousse iray avy any Fianarantsoa, hihazo an'i Toliara no lasibatra, tao amin'ny fokontany Amboandelaka, Kaominina Ambanivohitr'i Vigneta, 129 km tsy hiditra an'i Toliara.

"Nanakana lalana amin'ny vato lehibe ireo jiolahy ary avy hatrany dia nitoraka", hoy ireo mpandeha izay nanatrimaso. Tratra mangiran-dratsy izy ireo, ka vola 3 Tapitrisa ariary miaraka amin'ny finday maromaro, no lasan'ireo olondratsy, raha ny fampitambaovao avy any an-toerana. Tonga avy hatrany ny mpitandro filaminana nanampy nanala ireo sakan-dalana, sy niaro ireo mpandeha rehetra. "Tsy nisy ny mpandeha voakitika tao anatin'ny Taxi-brousse, saingy ireo kamiao 2 kosa no potika vokatry ny tora-bato", raha ny nampitain'ireo nanatrimaso ihany.

**Stefa**

DISTIM Toamasina

# Nametraka « comité de vigilance » tamin'ny fokontany 4



*Ny fanentanana nataon'ny DISTIM Toamasina I.*

Nitohy ny alahady tolakandro teo, ny fidinana ifotony nataon'ny DISTIM Toamasina, faritra Atsinanana, notarihan'ny filohany : Prezidà Naina, sy ny mpiara-miasa aminy. Tamin' izany no nanomezany toromarika ny asa tokony ho atao ho fiatrehana ny fifidianana filohampirenena ho avy, indrindra ny fanentanana ny olona feno taona hisoratra anarana ao anaty lisitry ny mpifidy ary ny fametrahana ny tompon'andraikitra « comité de vigilance », na ny andrimaso amin'izany fifidianana izany, sy fametrahana ny Fokotim tao amin'ny fokontany miisa 4, tao amin'ny Parcelle 11/52-54-55-58 , ao amin'ny Firaisana na ny Boriboritany Ankirihiry.

**Niaina**

Vazo evanjelika

# Hiverina an-tsehatra ny Tarika Les Adeline

*Vaovao tsara ho an'ireo mpankafy ny vazo evenjelika mikolo fanahy! Hiverina an-tsehatra amin'izay ny tarika Les Adeline, ahitana an'ireo mpikambana fototra toa an'i Sarobidy, Fifi, Fafah ary i Marius.*

Raha tsiahivina, tany amin'ny taona 2001 no niorina ny tarika. Mampiavaka azy ny fahaizan'ireo mpikambana mifehy ny gadon-kira avy amin'ny lafivalon'ny Nosy tahaka ny "bagasy", "tsapiky", "kilalaky", horija betsileo", basesa", sns… ary ireo ban-kira vahiny toy ny "reggae", "sud af", "country"… Ireo rehetra ireo ravahan'ny feomanga feno angola mahatakatra ny avo nananan'i Adeline ary mbola tsapa, fa mitoetra amin'ireo zanany lahy sy vavy mandimby azy ankehitriny. Mora raisina avokoa ny hafatra anatin'ireo tononkira ho an'ny tarika Les Adeline. Tsy mety lefy laza hatramin'izao ny hira "Mila fanasitranana", "Izay ela izay", "Alfa sy Omega", "Eo an-tratran'i Abrahama", "Inona no antenainao ?", sns... Midika fa nahafeno ny famaritana ny atao hoe : "Kanto" ireo sanganasan'ny tarika. Mihira ireo trangampiainana sy fiarahamonina misy ihany koa ny tarika. Tsy mahagaga, araka izany, raha mifanjohy akaiky dia akaiky ireo mpikambana, sy ireo mpankafy azy ireo mandraka ankehitriny.

Hanamarika izao fiverenana an-tsehatra ho an'ny Les Adeline izao, ny famoahana ilay rindran-tsary ombampeo "Ny hositrao". Narindra amin'ny gadona "pop rock" ity hira vaovao ity, hoy i Sarobidy izay mpamorona sady mpandrindra eo anivon'ny tarika. Hiara-dalana amin'izao fiverenana an-tsehatry ny "Les Adeline" izao ny fanatontosana seho mitety faritra eto an-tanindrazana ary hipaka hatrany Dilambato, ho fanomezana fahafaham-po ireo mpankafy efa tsindrian-daona fatratra ny hanjifa indray, ireo taokanton'ny Les Adeline. Tarigetran'ny tarika ny hoe : "Hidera ny anaranao aho Jesoa raha mbola velon'aina". Tanteraka ara-bakiteny tokoa izany amin'izao fiverenana an-tsehatry ny Les Adeline izao.

**Lalasoa Razafindrakoto**



*Tarika "Les Adeline", miara-miasa amin'ny fiangonana rehetra.*

Tsipy kanetibe 2023

# Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny sabotsy

Tamin'ny sabotsy 18 martsa 2023 teo, teny amin'ny kianja filalaovana tsipy kanetibe PAC Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano, no nanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny taom-pilalaovana 2023 eo taranja tsipy kanetibe, izay notarihan'ny Fsmb notarihan'ny filohany, Andriamilerovason Amiroudine, ary notronin'ireo tale maromaro avy amin'ny Mjs. Nisongadina tamin'ny fandraisam-pitenenana nifandimbiasana, tamin'ny lanonam-panokafana an'ity hetsika ity, ny filazana ny fahazoan'ny tsipy kanetibe Malagasy handray anjara amin'ny lalao iraisam-pirenena ankehitriny.

**Rainilita**




*Fanokafana taom-pilalaovana tsipy kanetibe teny Ampitatafika.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 18/03/2023 hatramin'ny 25/03/2023**

- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/038 22 245 12
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 79 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35


Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1415-03-2023
Isan'ny natonta: 10 000


Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FARITRA VAKINANKARATRA

## Asa temaka ny fanamboarandalana any Antsirabe

Milaza ho manao izay afany, amin'ny famaliana ny hetahetan'ny mponina mahakasika ny fahasimban'ny lalana eto antampon-tanànan'Antsirabe faritra Vakinankaratra, ny avy ao amin'ny fiadidiana ny tanànan'Antsirabe tato ho ato. Ezaka atao ihany koa hoy ny ben'ny tanàna sy ny ekipany, ny fametrahana jiro eny amin'ireo fokontany, indrindra ny eny amin'ireo toerana be mpandalo, izay tsy nisy fikarakarana nandritra ny fotoana naharitra, ka mampirongatra ny tsy fandriam pahalemana. Asa sy andraikitry ny avy ao amin'ny fiadidiana ny tanàna tokony hataony mandavan-taona anefa izany, saingy raha ny tsikaritra dia toa asa vonjimaika sy asa temaka hanakonana ny tsy mety rehefa hisy manam-pahefana, na vahiny "mihaja" handalo eto an-toerana hatrany, vao mba misy fikitihana ny lalana eto am- povoan- tanànan'Antsirabe . Ankoatra ny fetin'ny Paka izay mampalaza ity Tanànan'ny Rano, ka mahabe ny mpitsidika azy ity dia fantatra fa miomana amin'ny fandraisana vahiny goavana ihany koa Antsirabe ato ho ato. Tsy mahagaga araka izany raha toa ka mikofokofoka mafy amin'ny fanentsenana ireo lavaka, izay efa betsaka noho ny lalana azo diavina ny ekipa teknikan'ny fiadidiana ny tanàna. Saingy hatramin'ny oviana, rotsak'orana firy indray dia hiverina avin'ny laoniny toa izay efa mahazatra, nandritra ity fitondrana ity indray ireo lalana asiam- panamboarana?

***Ambinintsoa***


NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00


Salon Internationale des Femmes Entrepreneures (SAFE)

## Notontosaina teny amin'ny Novotel Alarobia nandritra ny 3 andro

Notontosaina teny amin' ny Novotel Alarobia nandritra ny 3 andro nanjitra (17,18,19 martsa 2023) teo, ny hetsika iraisam-pirenena SAFE « SAlon des Femmes Entrepreneures », nokarakarain'ny fikambanana « Vehivavy mpandraharaha Analamanga » niaraka tamin'ny Vondron'ny vehivavy mpandraharaha « GFEM », ka tonga nanokatra an' izany tamin'ny zoma teo ny minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola Malagasy, Rabarinirinarison Rindra Hasimbelo izay reny mpiahy an'ity hetsika ity, notronin'ny Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fiofanana Arak'asa ary ireo solontenan'ireo mpiara-miombon'antoka, toa ny ny Solontena Maharitry ny Banky Iraisam-pirenena miasa sy monina eto Madagasikara. Marihana fa mbola tafiditra indrindra ao anatin'ireo hetsika fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy 2023 teto amintsika ity hetsika ity, ka nampisongadinana ny vehivavy mpandraharaha, izay tondrozotra ho an'ny fampandrosoana ny firenena. Naherin'ny dimampolo isa avy amin'ny vazan-tany efatra ireo mpampiranty tamin'ity Salon ity, ka nahitana an'ireo solontenan'ny faritry ny Ranomasimbe Indianina ary koa ireo Federasionan'ny Vehivavy amin'ny fandraharahana (COMFWB) Comesa. Niavaka ny hetsika nahafahan'ny mpitsidika namorona rohy, sy nitsapa ny fahafahana misera ny tsena tamin'ny alalan'ny fivoriana B To B ary koa ny nahafahana nifandray tsara tamin'ieo mpandray anjara rehetra. Marihana fa natao hampirantiana an'ireo vokatra noketrehin'ireo vehivavy mpandraharaha indrindra indrindra ity "Salon Internationale des Femmes Entrepreneures 2023" ity ary nahazoan'izy ireo nisehatra teo amin'ny fanondranana entana any ivelany. Mbola sahirana ny vehivavy Malagasy ankehitriny, eo amin'ny sehatry ny asa (mbola kely noho ny an'ny lehilahy ny karamany, misy orinasa tsy mampiasa vehivavy noho ny antony maro samihafa, tsy avelan'ireo ray amandreny mandranto fianarana lavitra ny ankizivavy ka sahirana rehefa lehibe), mila ovana izany tranga izany.



*« Salon Internationale des Femmes Entrepreneures (SAFE) 2023.*

***Rainilita***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 428




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0427)

***Mitsivalana***
- Sambatra
- Avia
- BOA – Mi
- Niasa
- Tadidiny
- Sir(a) – Rano (miv)
- Adidy (miv) – OO

***Mitsangana***
- Sabotsy
- Avo – Dia (miv)
- Miandry
- Bà – Il
- Kadoa
- TV – Sin(y)
- Manao
- Ady
- Ory (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 428




**Mitsivalana**

**1.** Tokony ho hainao **2.** Mpanondro – Daroka (miv) – Bibilava **3.** Seho – Antsasaky ny fito **4.** Eny (mi) – Solfa – Mando **5.** Fitaovana samihafa – Haja sy voninahitra (miv) **6.** Lavitra – Haingo **7.** Mampisafidy – Avy amiko **8.** Atao @ sakafo (miv) – Banky **9.** Havana – Mitovy **10.** Mpanondro – Abidia – Lakroa

**Mitsangana**

**A.**Fitarafana **B.** Ao ambadikareo **D.** Varahina, volamena – Tsofoka **E.** Efa antitra – Mandà **F.** Lolo – Anisan'ny naoty **G.** Iray sy iray – Hita amin'ny biby **H.** Efatra Romana – Tsipahanay **I.** Foto-tongotra – Indry, ise **J.** Tsy tsaroako – Ariary **K.** Atody Mandrara – Tsy sahy intsony

### Valiny Teny mifanaraka 0427

**Mitsivalana**

1.Korontana **2.** Adala - Vono **3.** Mitempo - Ti **4.** Aorian(a) **5.** Oviala - Ala **6.** Ti (ona) - Sikina **7.** Tale (miv) - Aho **8.** Ny - NB - Vata (miv) **9.** Dadakely **10.** Mahay

**Mitsangana**

**A** Kambotenda **B.** Ody - Vilia **D.** Ratsy - Do **E.** Elo (miv) - Antsa (miv) **F.** Namaly - BK **G.** Poaka - EM **H.** Rova (miv) - Ala **I.** No - Hitanay (miv) **J.** Antalaha **K.** Anio (miv) - Ovay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Tontosa ny sabotsy teo ny fanentanana ny olona hiditra anatin'ny lisi-pifidianana, teny Avarabohitra Itaosy Antananarivo Atsimondrano, nataon'ireo ben'ny tanàna TIM, na teo aza ny ramatahora fanakanana nataon'ny mpitandro filaminana. Niatrika izany ny filoha nasionalin'ny antoko Marc Ravalomanana, ny avy amin'ny birao poltika, ireo depiote TIM.**













